A Jiosy sy Samaritana:

- **Ny tantaran'ny Samaritana. Jaona 4:1-7.**
  - Mba hisorohana ny fifandonana eo amin'ny mpanara-dia an'i Jaona sy ny mpanara-dia Azy, dia nanapa-kevitra hiala an'i Jodia hankany Galilia i Jesosy, namaky ny faritr'i Samaria (Jao. 4:1-4).
  - Teny an-dalana dia nijanona teo amin'ny iray kilaometatra niala an'i Sykara i Jesosy, teo amin'ny tany izay novidian'i Jakoba ka nomeny ho lovan'i Josefa (Jao. 4:5; Gen. 33:18–19; Jos. 24:32). Rehefa teo Izy dia nipetraka teo akaikin'ny fantsakan'i Jakoba. Mitataovovonana tamin'izay: fotoana mampafana aoka izany ny andro (Jaona 4:6).
  - Raha mbola lasa nividy sakafo ny mpianatra, dia nisy vehivavy Samaritana tonga hantsaka rano. Amin'ny mitataovovonana, rehefa mafana indrindra ny andro? Niafina izy, tsy te ho hita na hifanerasera amin'ireo vehivavy hafa izay mandeha mantsaka amin'ny maraina na amin'ny hariva (Jaona 4:7-8).
  - Ny fitsarana an-tendrony nateraky ny tantara nandritra ny taonjato maro dia nanakana ilay vehivavy tsy hiresaka na hanome ny ranony amin'ny Jiosy.
  - Inona avy ireo fitsarana an-tendrony eo amin'ny kolontsaina misy anao izay mety hanakana ny fijoroanao ho vavolombelona amin'ny hafa? Ahoana no ahafahanao mandresy azy ireny?
- **Ilay vehivavy samaritana sy ilay Jiosy nangetaheta. Jaona 4:7-14.**
  - Koa satria tsy te hiresaka ilay vehivavy, dia nanapa-kevitra avy hatrany hitari-dresaka i Jesosy tamin'ny fangatahana fanampiana: "Omeo Aho hosotroiko" (Jaona 4:7).
  - Ho valin'izany, dia nampatsiahivin'ilay vehivavy Samaritana an'i Jesosy ny antony roa tsy tokony hangatahany fanampiana avy aminy, na iresahana aminy akory aza: vehivavy izy ary Samaritana (Jao. 4:9).
  - Izy aloha no nitari-dresaka. Toy ny tamin'i Nikodemosy, avy dia novantanin'i Jesosy ny foto-dresaka: "Izaho dia olona miavaka, ka afaka manome rano izay hanala ny hetahetanao rehetra." (Jaona 4:10).
  - Toa an'i Nikodemosy, dia nikasa handray ara-bakiteny ny teniny ilay vehivavy Samaritana (Jaona 4:11–12). Nandrehitra faniriana tao aminy hahazo an'io rano velona io i Jesosy (Jaona 4:13-15).
  - Mangetaheta ny rano izay hanala ny hetahetan'ny fanahinao ve ianao? Manome izany maimaimpoana i Jesosy (Apok. 21:6).

B Nandray ny Mpamonjy ny Samaritana:

- **Mangetaheta rano velona. Jaona 4:15-16.**
  - Rehefa azon'i Jesosy ny fahalianan'ilay vehivavy, dia tsy namaly avy hatrany ny fangatahany Izy. Raha maniry ny rano velona izy, dia tsy maintsy miaraka amin'ny "vadiny" (Jaona 4:16).
  - Tampoka teo, dia nitamberina tao an-tsainy ny fahotany rehetra.
  - Ahoana no ho fihetsikao rehefa ampifanatrehan'Andriamanitra amin'ny fahotanao ianao? Hiala ny toe-javatra ve ianao, sa ho eo Aminy hangataka famelan-keloka?
- **Mahita ny Mpamonjy. Jaona 4:17-26.**
  - Ny valinteny voalohany dia ny fandavana: "Tsy manam-bady aho" (Jaona 4:17). Nasehon'i Jesosy taminy anefa fa fantany ny fiainany miafina. Tamin'izany no nahafantaran'ilay vehivavy Azy ho mpaminany (Jaona 4:17-19).
  - Fanindroany izao ilay vehivavy no niezaka niala ny toe-javatra mahakasika ny fahotany, ka nitarika an'i Jesosy ho amin'ny fifanandrinana ara-pivavahana mikasika ny tokony hivavahana ao amin'ny tempolin'i Jerosalema, na ao amin'ny tempoly rava ao an-tendrombohitra Gerizima (Jaona 4:20).
  - Tamim-paharetana no namalian'i Jesosy ny fanontaniany sy nitarihany azy hanapa-kevitra ho mpivavaka marina amin'Andriamanitra (Jao. 4:21-24).
  - Izao dia nangataka fanazavana tamin'i Jesosy izay naneho ny heviny ilay vehivavy Samaritana: Mpaminany ve Izy, sa ilay Mesia nandrasana? (Jaona 4:25). Izy no hany vehivavy nandre an'i Jesosy nanambara ny tenany ho Kristy, ilay Mesia nandrasana (Jaona 4:26).
  - Ahoana no nahitanao an'i Kristy sy nanekenao Azy ho Mpamonjy anao?
- **Mitory ny amin'ny Mpamonjy. Jaona 4:27-42.**
  - Nanapaka ny resaka ny fahatongavan'ny mpianatra. Feno fifaliana ilay vehivavy, ka nanadino ny sininy (ny antony nandehanany teo amin'ny fantsakana) ary niverina tany Sykara (Jaona 4:27-28).
  - Efa fantatr'i Jesosy izay hitranga manaraka, ka nanomana ny mpianany Izy. Voalohany, nasehony azy ireo fa misy zavatra mahafa-po kokoa noho ny sakafo ara-nofo: ny fifaliana amin'ny fizarana famonjena amin'ny hafa (Jaona 4:31-34).
  - Faharoa, nilaza Izy fa hijinja izay nafafin'ny hafa izy ireo (Jaona 4:35-38). Nizara ny fijoroany ho vavolombelona ilay vehivavy ary namafy ny voa (Jaona 4:29–30, 39). Nanondraka azy i Jesosy ary nampitsimoka ny vokatra (Jaona 4:40-42).
  - Ny fijoroana ho vavolombelona ataon'ny tena manokana no voa tsara indrindra azontsika afafy ao am-pon'ny olona. Manan-kery toy ny ahoana ny fijoroana ho vavolombelonao momba ny zavatra nataon'i Jesosy teo amin'ny fiainanao?